

25 jona 2010.  
13 Tamouz 5770.

## Ny haren'ny jentilisa.

«*Fa eo antrehan'Andriamanitra dia tsy misy fijerena tavan'olona* » (Romana 2 :11)

«*Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita.*» (Hebreo 11:1)

Mandritra ny fotoana maha eto antany antsika ka mbola miasa ny Fanahy Masin'Andriamanitra dia rehefa mandray fanomezana isika dia tokony hizara izany. Manana andraikitra hitondra eo amin'izao tontolo izao ny fahazavàna izay araka ny fisehoany ao amin'ny Soratra Masina isika dia izay nomeny tamin'ny tsindrimandry. Mbola mikasika ny fon'ny mpanjaka sy ny mpitarika hatrany Andriamanitra ka hiandany amin'ny vahoakany ka tokony tsy ho lavina na tsinontsinoavin'ireo izay manana fiheverana manokana ny fahafahana ara -pivavahana ny fanampiana notoloran'Andriamanitra saina azy ireo hampandrosoana ny asa.

Misy ohatra mazava marobe ao amin'ny Tenin'Andriamanitra momba io toe-javatra io. Harena bevava no napetrak'Andriamanitra ny Israely teo ampelatanan'ny tsy mpino, kanefa tokony hampiasaina izy ireny hanatanterahana asa famonjena ' an'izao tontolo izao very; ny mpanalalana izay tokony handalovan'ireny harena ireny dia mety hamoha varavarana hiparitahan'ny fahamarinana. Mety tsy manaitra ny fony ny asan'Andriamanitra, tsy manana finoana an'i Kristy izy ary tsy miraharaha ny teniny nefa tsy antony tokony handàvana ny fanomezana omeny izany.

Naseho ahy imbetsaka fa afaka mandray fanomezana betsaka kokoa noho izay azontsika isika raha mahay mifandray ampahendrena aman'olona; manazava sy manome azy fahafahana mandray anjara amin'ny asan'Andriamanitra...*Testimonies to Ministers and Gospel Workers* p. 202, 203.

**Ny fanandraman'i Nehemia :** Tsy niankina tamin'ny kisendrasendra Néhémia. Tao anatin'ny filàna dia nitady fanampiana avy amin'ireo izay afaka manampy azy izy. Vonona mandrakariva ny hanohina ny fon'ny olona mitazona ny zava-tsoan'izao tontolo Andriamanitra mba hanohanany ireo ny asany. Tokony hanararaotra ny fanampiana omen'ny olona ny mpanompon'Andriamanitra izay miasa ho an'ny Tompo. Ny fanomezan'izy ireo dia mety ahafahana manokatra lalana izay hidiran'ny fahazavàna any amin'ireo firenena maro itoeran'ny fahamaizina. Ny mpanome dia mety tsy manana finoana an'i Kristy sy tsy manana fahalalàna ny Teniny, nefa tsy tokony ho lavina ny fanampiany noho izany. *Prophètes et Rois* p. 481.

Ankehitriny dia tokony handroso haingana ny hafatra. Raha mamaly ny antsony amim-pinoana ny vahoakany, Andriamanitra dia hanasokatra ny fon'ny mpanakarena sasany hanome fanampiana hampandrosoana ny asany. (Hebreo 11:1). Raha maka fitokisana amin'ny Teniny ny vahoakany, Andriamanitra dia hamatsy azy ireo ny fitaovana ilaina ahafahany miasa any amin'ireo tanàn-dehibe mbola tsy naheno ny hafatra.-- *Témoignages pour l'église* Vol. 3 p. 499.

Mandray fanampiana avy any ivelany . Manontany ampanajàna ianao hoe ara\_dalàna ve ny fandraisana fanomezana avy amin'ny jentilisa. Tsy hafahafa akory ilay fanontaniana; fa aoka izaho indray no hanontany: Iza no tompon'izao tontolo izao? An'iza ny trano sy ny tany itoerantsika? Moa tsy an'Andriamanitra ve? Manana fanàna miavosa eto amin'ity izao tontolo izao ity Izy nomeny tantànan'ny olona sasany mba hanolorany sakafo ireo noana, fitafiana ho an'izay mitanjaka fonenanana ho an'ireo izay mirenirenay. Hanohina ny fon'ireo olona any amin'izao tontolo izao Andriamanitra na dia tsy mpino aza izy, mba hanome ampahany amin'ny haren'ny hanohanany ireo ny asa raha manatona azy ireo amim-pahendrena isika, ary amin'izay dia manome azy ireo fahafahana manatanteraka zavatra izay tombotsoa ho azy. Ary tokony ho faly aza isika mandray izany fanomezana izany.

Tokony hitady fifandraisana amin'ireo olona mitàna andraikitra ambony eto amin'ny tanàna isika miaraka amin'ny fahamalinanan'ny bibilava sy ny fahendren'ny voromailala , miezaka mangataka amin'izy ireo misimisy kokoa satria Andriamanitra dia hiasa eo amin'ny fanahin'izy ireo hnao zavatra marobe ho an'ny vahoakany. Raha misy mambra voahofana hifandray amin'ny olona manana fahefana sy harena ka mampiseho mazava amin'izy ireo ny zavatra ilaina amin'ny asan'Andriamanitra; dia ho vonona hanao misimisy kokoa izy ireo hampandrosoana ny asa . Fa satria noho ny tsy fifandraisan-tsika lotra aman'olona dia nanjary narian-tsika ny tombotsoa sy ny lalana misokatra izay tokony ho antsika. Tsy mila manao sorona ny foto-kevitra ny fahamarinana iray akory isika izay vao hikaroka ny hahazo ny fahafahanaizay misokatra mba hampandrosoana ny asan'Andriamanitra –*Testimonies to Ministers and Gospel Workers* p.197, 198.

